30 taona
FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

# FID'actus

n°15 • Aogositra / Août 2023

www.fid.mg




« Zava-dehibe ho anay ny fampianarana fambolena ara-teknika nomena anay tamin'ny alalan'ny *Asa Avotra Mirindra* » ............ 2
*« Les nouvelles techniques de culture qu'on nous a enseignées à travers Asa Avotra Mirindra nous sont précieuses »*

Editorial ........ 3
*Matoan-dahatsoratra*

Tarehimarika ........ 4 - 5
*Chiffres clés*

Tapatapany ........ 6
*Brèves*

Ny sandan-tohitra, singa miantoka ny hatsaram-piainana maharitra ho an'ny mponina ........ 8 - 9
*La résilience, une nécessité pour le bien-être durable des communautés*

Fanatanterahana ny fitsarana mitety vohitra, mba hahazoana kopia nahaterahana ........ 10
*Une opération de « jugements supplétifs » pour rétablir les droits des plus vulnérables*

"Nanampy anay aloha ilay vola e ! Fa ny tena nitondra vokatsoa teo amin'ny fiainanay dia ireo tantsoroka sy fiofanana azonay tao amin'ny sehatra mahasoa" ........ 11
*L'argent nous a aidé certes, mais ce sont les formations reçues dans les espaces de bien-être qui ont le plus changé notre vie. Grâce aux différents accompagnements, nous avons adopté de nouvelles pratiques*

"Azafady babako" Fanontaniana 3 ho an'i RAHAJASON Laborde /
*3 Questions à RAHAJASON Laborde* ........ 12 - 14

Mamaritra ny fihavaozana : Ny siansa, ivon'ny fampandrosoana ny Afrika ........ 15
*Redéfinir l'innovation : la science au cœur du développement de l'Afrique*




**Paul Jeannot**
*Mpisitraka / Bénéficiaire Asa Avotra Mirindra*
*Vangaindrano, Tsaranala*

## *« Zava-dehibe ho anay ny fampianarana mamboly ara-teknika nomena anay tamin'ny alalan'ny Asa Asa Avotra Mirindra »*

« Zava-dehibe ho anay ny fampianarana mamboly ara-teknika nomena anay tamin'ny alalan'ny Asa Asa Avotra Mirindra. Tapa-kevitra ny hampihatra izany aho amin'izao. Fito izahay no ao an-trano. Raha namboly aho teo aloha, araka ny teknika nentim-paharazana, dia tena kely ny vokatra. Bodoa 10 fototra vao mahampy anay nefa amin'izao fotoana izao, 2 fototra dia ampy. Namboly vary koa aho taloha fa tsy mahampy anay izany ary voatery mividy eny an-tsena izahay satria kely ny vokatra.

Rehefa nahazo ny fampianarana mamboly ara-teknika aho dia mampihatra izany ankehitriny. Mamboly kajaha, bodoa ary bokala aho, ary hampanarahako ny teknika « basket compost » na voly an-davaka izany. Mamboly katsaka ihany koa aho, ary tena tsara tokoa ny vokatra. Ny vola azo tamin'ny fambolena dia nahafahako nividy akoho sy zana-kisoa izay ompiako ankoatra ireo fambolena maro.

Mandeha tsara ny fianaran'ny zanako amin'izao ary arako tsara ny saram-pianaran'izy ireo.

Amin'izao aho dia tena mampihatra ary mitrandraka ireo teknika nampianarina anay. Sady tsara no betsaka ny vokatra azo. Ampy ho anay ao an-trano no misy amidy ihany koa ka lasa antom-pivelomana. »

## *« Les nouvelles techniques de culture qu'on nous a enseignées à travers Asa Avotra Mirindra nous sont précieuses »*

« Les nouvelles techniques de culture qu'on nous a enseignées à travers *Asa Avotra Mirindra* nous sont précieuses. A présent, je suis décidé de les mettre en pratique dans toutes mes cultures. Nous sommes sept à la maison. Auparavant, nous pratiquions les techniques culturales traditionnelles : 10 trous de patates douces risquaient de ne pas nous suffire. Aujourd'hui, en appliquant les formations, 2 trous nous suffisent largement. Nous plantions aussi du riz avant, mais cela n'empêchait qu'on doive en acheter pour se nourrir car les récoltes sont minimes.

Depuis, j'adopte ces pratiques à différentes cultures. Je cultive des maniocs, des patates douces et des ignames suivant les techniques de basket compost. Je plante aussi des maïs et les récoltes sont très satisfaisantes. L'argent obtenu des récoltes m'a permis d'acheter des poulets et des porcelets que j'élève maintenant.

Mes enfants peuvent aller à l'école car j'ai enfin les moyens pour payer leurs écolages.

A présent, grâce aux techniques que nous avons apprises, non seulement les récoltes sont de bonne qualité mais aussi de quantité importante. Elles nous suffisent largement pour notre consommation ménagère mais aussi pour la commercialisation, qui constitue une source de revenus pour nous. »

Ry mpamaky,

Taorian'ireo hetsika maro tato anatin'ny volana vitsivitsy, anisan'izany ny herinandron'ny Haratonaina sy ny fankalazana ny volana hoan'ny fiahiana ny mpiara-belona, dia efa tafiditra anatin'ny tapany faharoa amin'ity taona manan-danja ho an'ny FID ity isika. Ho faranana amin'ity taona ity tokoa ny tetikasa Haratonaina izay nahafahana nanohana ankohonana maherin'ny 1.355.000 miparitaka manerana ny faritra 21 eto Madagasikara.

Eo am-panomanana tanteraka ny tetikasa vaovao Haratonaina sy Sandatohitra ny FID amin'izao, entina manohy ny asa fampivoarana efa natomboka ary hanerana ny faritra 23 eto Madagasikara.

Tanjona tamin'ny tetikasa Haratonaina ny fametrahana ny fototry ny rafitra fiahiana ara-tsosialy eto Madagasikara. Ho an'ity tetikasa vaovao ity kosa dia ny fampitomboana ny sandatohitry ny vondrom-piarahamonina marefo indrindra no tanjona.

Misy ihany koa ny fandaharanasa hafa hanamafisana ny sandatohitry ny mpiara-monina tena marefo, anisan'izany ny fandraisantsika anjara amin'ny tetikasa PADAP (Tetikasa Fambolena maharitra ho an'ny fomba fiasa momba ny tontolo iainana) hiatrehana ny fiovan'ny toetr'andro.

Hampitombo ny ezaka isika ho fiaraha-monina afaka miatrika dona ary sahy manao fanamby ho amin'ny fihatsarana hatrany.

Chers lecteurs,

Après les riches évènements de ces derniers mois, dont la Semaine FSS et la célébration du mois de la protection sociale, nous sommes déjà en plein deuxième semestre de cette année capitale pour le FID. En effet, nous clôturerons cette année le projet Filets Sociaux de Sécurité (FSS) qui nous a permis de soutenir plus d' 1 355 000 ménages répartis sur les 21 régions de Madagascar.

Le FID est également en pleine préparation du nouveau projet Filets Sociaux et Résilience (FSR) qui assurera la continuité des interventions en touchant cette fois-ci l'ensemble des 23 régions de Madagascar.

Avec le projet FSS, l'objectif était de construire les bases d'un système de protection sociale à Madagascar. Pour le projet FSR, il s'agira d'assurer le développement de la résilience des communautés les plus vulnérables.

D'autres programmes sont également en cours pour renforcer la résilience des communautés dont notre contribution dans le projet PADAP (Projet Agriculture Durable pour une Approche Paysage) afin de faire face aux changements climatiques.

Une communauté plus résiliente est plus disposée à relever des défis et à persévérer dans ses efforts. Redoublons nos efforts pour les accompagner !

# **Mythes & réalités** *sur les Filets Sociaux de Sécurité*

**Ny honohono sy ny zava-misy marina mikasika ny haraton'aina**

✖ Ireo haraton'aina dia tsy mampandroso ny firenena. miteraka fiakinan-doha sady vahaolana mandalo ihany

*Les Filets Sociaux de Sécurité nuisent au développement du pays. Ils créent une dépendance et ne sont que des solutions temporaires.*

✔ Ny haraton'aina no ahafahana miaro ny mpiara-belona amin'ireo karazana tandindona amin'ny alalan'ny fanamafisana ny sanda-tohiny. Amin'ny alalan'ireo asa fampandrosoana, miendrika fiofanana, ny fampiharan'ireo ankohonana mpisitraka ireo fomba fanao vaovao dia manampy amin'ny fampandrosoana lovainjafy sy ny fihatsaram-piainana

*Les filets sociaux permettent de protéger les communautés de divers risques en renforçant leur résilience.*
*Grâce aux actions de développement, sous formes de formations, les ménages bénéficiaires adoptent de nouvelles pratiques qui contribuent au développement durable et à l'amélioration de leurs conditions de vie.*

---

✖ Ireo haraton'aina dia mahatonga ny olona ho kamo. Ny vola dia lanilany fotsiny ary tsy misy vokany eo amin'ny fiainan'ny mpisitraka

*Les Filets Sociaux de Sécurité rendent les gens paresseux. L'argent est dépensé n'importe comment et n'a aucun impact sur la vie des bénéficiaires.*

✔ Tamin'ny alalan'ny *Asa Avotara Mirindra, Vatsin'Ankohonana, Fiavota, Mijoro sy Milofo*, izay fandaharanasan'ny haraton'aina, ireo ankohonana mpisitraka dia mihary ara-toekarena. Mampianatra ny zanany izy ireo, mikajy ny fiainan'ny ankohonany ary mampihatra ireo fanao mahomby ara-bola

*Grâce à Asa Avotra Mirindra, Vatsin'Ankohonana, Fiavota, Mijoro et Milofo, des programmes de filets sociaux, les ménages bénéficiaires investissent dans des activités économiques. Ils scolarisent leurs enfants, prennent soin de leur famille et adoptent de meilleures pratiques financières.*

---

✖ Niteraka korontana eo anivon'ny fiaraha-monina ary tsy mampiaty

*Les Filets Sociaux de Sécurité créent des tensions au sein des communautés et sont exclusifs.*

✔ Manatsara ny fifandraisana, fifampitokisana sy fiaraha-mientan'ny fiaraha-monina ary fijoroana ho olom-pirenena ny haraton'aina.

*Les filets sociaux favorisent les relations de confiance et de co-responsabilité, renforcent l'engagement communautaire et la citoyenneté.*

**60%**
des bénéficiaires ont adopté des **pratiques agricoles plus productives** et **plus durables**

**6.230.000**
pieds d'arbres produits

**1.100ha**
de surface **irriguée** et **drainée**

**2.300ha**
de surface **reboisée**

**20.750**
ménages collectent l'eau de pluie

---

**90%**
des acteurs-bénéficiaires ont **investi dans des activités génératrices de revenus**

**92%**
des acteurs-bénéficiaires ont adopté les **pratiques positives pour le bien-être** familial

**80%**
**des femmes** bénéficiaires devenues **plus responsables** et **autonomes** au niveau de leur foyer et de la communauté

**40.512**
ménages bénéficiaires ont intégré les Associations Villageoises d'Epargne et de Crédit ou AVEC

---

**781**
**séances de Suivi-évaluation communautaire (SEC)** réalisées depuis 2020

**26.000 enfants**
ont obtenu leur **copie d'acte de naissance** depuis 2019

**44.000 adultes**
ont acquis leur **CIN** depuis 2019




**RANDRIANIRINA Janvier Claudine**
*Mpikambana / Membre VOAMAMI Miara-miezaka Isandra, Haute Matsiatra*

# Tapatapany

**VOAMAMI : Fitokanana ny tranon'ny federasiona VOAMAMI « Miray hina »**

Ny volana mey lasa teo, notokanana tao Nasandratrony ny trano fitahirizam-bokatry ny vovonana VOAMAMI « Miray Hina ». Vary hatramin'ny 30 taonina no afaka tehirizin'ity fotodrafitrasa ity ary ahitana efitrano fivoriana ho an'ny VOAMAMI. « *Ny fahaizana mifehy tena sy ny fikirizana, izay fitondran-tena nampianarina anay tao anatin'ny fandaharanasa no nahafahanay nanangona ny vola nananganana ity fotodrafitrasa ity.* » hoy i Vincent de Paul, filohan'ny vovonana.

Miisa 50 eo ireo VOAMAMI mivondrona ao anatin'ity vovonana ity. Ny VOAMAMI dia fikambanana ahafahan'ireo mpikambana miara-manao tahiry sy mifampindram-bola entiny hanatanterahana ireo tetikasany ary hampitombo ny sandan-tohiny.

**Asa Vonjy Voina : Vatsy ara-bola hanohanana ireo marefo indrindra taorian'ny rivodoza nifanesy**

Tsy afa-bela tamin'ny fandalaovan'ireo rivodoza nifanesy, Cheneso sy Freddy, i Madagasikara. Hanampiana ireo mpiara-monina traboina tena marefo, ankoatra ny asa tanamaro, dia misy ihany koa ny vatsy ara-bola. Nisitraka izany ny distrika Mananjary, Nosy Varika, Mampikony ary Ambato Boeny. Tokantrano maherin'ny 11.500 no nahazo tombontsoa tamin'izany ka ny 40.000 dia any Atsimo. Misedra ny vokatry ny haintany tokoa ireo mponina marefo any Atsimo ireo ka nirotsaka an-tsehatra ny FID ao amin'ny distrikan'i Bekily, Beloha, Amboasary, Betioky ary Ampanihy.

**Fankalazana ny iray volan'ny fiahiana mpiara-belona**

Mitodika hatrany amin'ny mpiara-belona tena marefo ny FID nandritry ny fankalazana ny volan'ny fiahiana mpiara-belona tamin'ny volana mey lasa teo. Varavarana misokatra nampahafantarana ireo vokatry ny mpisitraka no natao tao Matsiatra Ambony ary fisoratam-panambadiana miara-mizotra hoan'ny mpisitraka ny Milofo sy Mijoro maherin'ny 160. Tao Manakara kosa dia asa fanadiovana sy fanavaozana ny zaridainam-panjakana no natao, narahina hetsika ara-tsosialy ho tombontsoan'ny voafonja.

Mifanandrify amin'ny fankalazana ny faha-30 taonan'ny FID izao hetsika izao. Tamin'ny taona 1993 tokoa no nitsangana ny fikambanana FID ary niasa hoan'ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

# Brèves

**VOAMAMI : Inauguration du grenier à riz de la Fédération de VOAMAMI « Miray hina »**

Au cours du mois de mai, la fédération des VOAMAMI « Miray hina » de Nasandratrony inaugure leur grenier à riz. Une infrastructure capable de conserver jusqu'à 30 tonnes de riz et disposant d'une salle de réunion pour permettre aux associations VOAMAMI de se réunir. « *A force de rigueur et de discipline, vertus et qualités que nous apprend notre association, nous avons pu épargner assez de fonds que nous avons investis dans cette infrastructure.* » raconte Vincent de Paul, président de la fédération. Cette dernière compte actuellement une cinquantaine d'associations. Promues par les programmes de protection sociale mis en œuvre par le FID, les associations VOAMAMI permettent à leurs membres d'accéder à un système financier et de renforcer leur capacité de résilience.

**Réponses aux crises : Des transferts monétaires pour assurer le relèvement des plus vulnérables à la suite des cyclones.**

Les différents cyclones, Cheneso et Freddy, qui se sont succédés n'ont pas épargné Madagascar. Pour aider les plus vulnérables à se relever, outre les travaux Argent contre Travail, les transferts monétaires non conditionnels ont également été mis en œuvre par le FID pour répondre aux crises. Les districts bénéficiaires sont Mananjary, Nosy Varika, Mampikony et Ambato Boeny. Plus de 11 500 ménages ont bénéficié de ces transferts dont 40 000 dans le Sud. En effet, la sécheresse n'épargne pas non plus les populations les plus vulnérables dans le Sud. Le FID intervient auprès des districts de Bekily, Beloha, Amboasary, Betioky et Ampanihy.

**Célébration du mois de la protection sociale**

Les communautés restent au cœur des interventions du FID lors de la célébration du mois de la protection sociale au cours du mois de mai. Des portes ouvertes ont été organisées pour présenter les activités économiques des bénéficiaires dans le Matsiatra Ambony. Cet événement a été suivi de l'organisation de mariage civil collectif pour plus de 160 couples de bénéficiaires souhaitant officialiser leur union pour les programmes Milofo et Mijoro. A Manakara, les collaborateurs du FID ont réalisé des travaux de nettoyage et de rénovation des jardins publics suivi d'actions sociales au bénéfice des personnes détenues.

Cette célébration s'aligne avec le trentenaire du FID. En effet, crée en 1993, le FID signe cette année ces 30 ans d'interventions pour le développement à Madagascar.



Semaine FSS Toamasina (Avril 2023)

# Ny sandan-tohitra, singa miantoka ny hatsaram-piainana maharitry ny mponina

*Ny sandan-tohitra dia ny fahafahan'ny olona iray, na vondrom-piarahamonina, miatrika sy miarina aorian'ny voina na dona. Tafiditra ao anatin'izany ihany koa ny fahaizana miomana amin'ny loza mety hitranga, ny fahaizana manetsika ireo enti-manana samihafa (rafitra, fitaovana, harena) ary ny fananana toe-tsaina sy fihetsika miabo hatrany manoloana ny fahavoazana.*




**Mifandray ny sandan-tohitra sy ny fototra maha-olona**

Ny vondrom-piarahamonina mahantra sy marefo no tena ianjadian'ny fahasahiranana eo anatrehan'ny dona toy ny fiakaran'ny vidim-piainana tampoka, ny hamehana ara-pahasalamana, ny loza voajanahary na ny fikorontanan'ny toetrandro. Izy ireo ihany koa no tena marefo amin'ny lafiny fototra maha-olona.

Ny anisan'ny manampy azy ireo hiala amin'ny faharefoana dia ny fanamafisana ny fahalalany handray fanapahan-kevitra mahomby, ny fanamorana ny fisitrahany ireo zo fototra samihafa ary indrindra ny famohazana ny fizakantenany.

Tsiahivana moa fa ny atao hoe fototra maha-olona dia ny fitambaran'ny fahaiza-manao sy ny fahalalana, hahafahana mamokatra sy manatsara fiainana.

Ny fanamafisana ny fototra maha-olona dia mety hampitombo ny sanda-tohitrin'ny olona iray, ny sanda-tohitra kosa dia afaka manamora ny fampiroboroana ny fototra maha-olona sy ny fahafahana miatrika tsara ny zava-mitranga.

Ny vondron'olona manana ny sandan-tohitra matanjaka kokoa, dia afaka hiatrika fanamby ary hahavita hitozo amin'ny ezaka hivoarana. Ny sandan-tohitra dia mandrisika ny fandraisan'ny tsirairay anjara mavitriky ka manamafy orina ny rafi-piaraha-monina sy ny firaisankina.

**Ny haraton'aina fiahiana ny mpiara-belona dia manatsara ny sandan-tohitra**

Amin'ny alàlan'ny fandaharanasa toy ny *Asa Avotra Mirindra*, ny *Vatsin'Ankohonana* na ny *Fiavota*, no ampiofanana ireo tokantrano manatsara ny fambolena sy ny fiompiany. Namorona asa mampidi-bola fanampiny koa izy ireo ary nentanina amin'ireo fihetsika manatsara ny fiainan'ny ankohonana eo amin'ny lafiny fahadiovana, fahasalamana ary ny fanjarian-tsakafo.

Mahakasika ireo fotodrafitrasa, ny fenitra miantoka ny hamafiny miatrika rivo-doza sy ny faharetana dia ampiharina amin'ny fanarenana sy fanorenana rehetra atao.

Mba hahafahan'ireo mpiara-belona miomana sy miatrika ny vokatry ny fikorontanan'ny toetrandro dia natao ho fototry ny asa fampivoarana rehetra ny fihetsika mitsinjo sy miaro ny tontolo iainana ary ny fitantanana mahomby ireo harena voajanahary.

**Mitaky fifamenon'ny tetim-pitondrana sy ny mpisehatra eo an-toerana ny sandan-tohitra**

Na dia andry sy singa lehibe amin'ny fantanterahana ny fandaharanasa aza ny sandan-tohitra, ny fahombiazany dia miankina amin'ny fifamenoan'ny tetim-pitondrana sy ny mpisehatra rehetra eo an-toerana.

Ny safidy hanangana fotodrafitrasa maharitra, mifanaraka amin'ny fikorontanan'ny toetrandro ary mahatohitra ny loza voajanahary, dia hahafahan'ny mpiara-monina misitraka hatrany ireo tolotra fototra na dia eo aza ny voina samihafa. Azo anaovana izany safidy izany avokoa ireo tranom-panjakana samihafa, ny rafi-pitaterana, ny tambajotran-drano sy ireo rafitra fidiovana, ary ny tambajotram-pifandraisana.

Ny fanatsarana tsy tapaka ny drafitra fiatrehana ny voina sy ny hamehana, ny fanofanana ny vondrom-piarahamonina amin'ny fitantanana ny voina ary ny fandrindrana ireo mpandray anjara isan-karazany voakasik'izany, dia manampy amin'ny sandan-tohitry ny fiarahamonina ihany koa.

Farany, ny fampiatiana sy fampandraisana anjara ny mpiara-monina amin'ny dingana fanapahan-kevitra, ny drafitra fampandrosoana ary ny fandrafetana ny teti-pitondrana dia tokony omena vahana hatrany mba hanamafy sy sandan-tohitra.

# La résilience, une nécessité pour le bien-être durable des communautés

*La résilience est avant tout la capacité d'un individu ou d'une communauté à faire face, à s'adapter et à se rétablir après des crises ou des perturbations. Elle englobe également la capacité à anticiper les risques, à mobiliser les ressources, et à se transformer positivement malgré les chocs et les difficultés.*

**La résilience et le capital humain interconnectés**
Les communautés pauvres et vulnérables sont les plus exposées aux situations difficiles ou aux risques tels que les fortes inflations, les crises sanitaires, les catastrophes naturelles ou les changements climatiques. Ce sont également, celles qui disposent d'un capital humain fragile.

Rappelons que le capital humain est l'ensemble des compétences et de connaissances qui contribuent à la productivité et au bien-être. Pour sortir de la vulnérabilité, le renforcement de leur capacité à prendre des décisions éclairées, à accéder aux ressources nécessaires et à mobiliser leur propre potentiel est primordiale. Renforcer le capital humain peut accroître la résilience d'une personne, tandis que la résilience peut faciliter le développement du capital humain.

Une communauté plus résiliente est plus disposée à relever des défis et à persévérer dans ses efforts. La résilience encourage également la participation active des membres de la communauté, renforçant ainsi le tissu social et favorisant la solidarité.

**Les filets sociaux améliorent la résilience**
A travers les programmes de protection sociale comme *Asa Avotra Mirindra, Vatsin'Ankohonana ou Fiavota*, les ménages sont formés pour améliorer leurs rendements agricoles. Ils apprennent aussi à diversifier et augmenter leurs sources de revenu. Ils sont sensibilisés et accompagnés pour adopter les bonnes pratiques familiales en termes d'hygiène, de santé et de nutrition.

Concernant les infrastructures sociales de base, les normes para-cycloniques et de durabilité sont adoptées dans la réhabilitation ou la construction.

Pour que les communautés puissent anticiper et faire face aux effets du changement climatique, les pratiques respectueuses de l'environnement et de la gestion efficiente des ressources naturelles sont désormais au cœur de toutes les activités.

**Le développement de la résilience nécessite une synergie avec la politique publique et les acteurs locaux**
Bien que la résilience soit un pilier majeur dans l'opérationnalisation des programmes, son efficacité réside dans la synergie avec la politique publique et les acteurs locaux.

L'orientation des constructions pour des infrastructures résilientes, adaptées aux changements climatiques et résistantes aux catastrophes naturelles, permet de maintenir l'accès des communautés aux services sociaux de base malgré les crises. Les bâtiments publics, les systèmes de transport, les réseaux d'eau et d'assainissement, les réseaux de communication… sont quelques exemples d'infrastructures qui pourraient bénéficier de cette orientation « résiliente ».

L'amélioration constante des plans d'urgence, des systèmes d'alerte précoce, la formation des communautés à la gestion des crises et la coordination entre les différents acteurs impliqués, participent également à la résilience des communautés. Ces activités renforcent l'efficacité et l'efficience des mesures pour atténuer les effets des crises et permettent le retour rapide à la vie normale.

En dernier lieu, l'inclusion de tous les membres de la communauté dans les processus décisionnels, la planification du développement et la formulation des politiques sont à encourager pour renforcer la résilience.




# Fanatanterahana ny fitsarana mitety vohitra, mba hahazoana Kopia nahaterahana

Mbola maro dia maro ny zaza tsy manana Kopia eto amintsika, indrindra fa ireo zaza anaty ankohonana marefo eny amin'ny tontolo ambanivohitra.

Ho fandraisana anjara amin'ny fanatsararana izany toe-javatra izany, dia nisy ny fifanarahana fiaraha-miasa natao miaraka amin'ny Ministeran'ny Fitsararana mba hanamoràna ny fahazoan'ireo mpisitraka, an'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona tanterahin'ny FID, ny didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana. Tao anatin'izany dia olona 5 000 tao amin'ny distrikan'ny Mandoto, no nanatanteraka ny fizaham-pahasalamana ahafahana mamaritra ny taona nahaterahany, nandritry ny herinandron'ny 12 jona teo. Ny 80% tamin'ireo dia mpisitraky ny Vatsin'Ankohonana avokoa. Io no dingana voalohany mba ahafahana mihatrika ny fitsarana mitety vohitra avy eo. Marihina fa ireo olona nahavita fizahana ireo ihany no afaka hiatrika ny fitsarana ahafahana mahazo ny didy izay ahazoany ny laharana kopia.

Manampy amin'ny fijoroana ho olom-pirenena ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona tanterahin'ny FID mba hahafahan'ireo tena marefo misitraka ireo zo fototra. Entanina ireo mpisitraka hanana karapanondro ary hikarakara ny kopiam-pahaterahana ho an'ny zanany. Amporisihina ihany koa izy ireo handray andraikitra eo amin'ny fiarahamonina sy hiaro ny zony.

**NOMBRE DES ENFANTS DES MENAGES BENEFICIAIRES DISPOSANT DE COPIE D'ACTE DE NAISSSANCE**

| | | | |
|---|---|---|---|
| *Vatsin'Ankohonana* | 374 648 | 515 769 | 73% |
| *Asa Avotra Mirindra* | 57 708 | 74 867 | 77% |

## Une opération de « jugements supplétifs » pour rétablir les droits des plus vulnérables

Dans les zones rurales, le nombre d'enfants non enregistrés à l'état civil reste élevé notamment au sein des communautés les plus vulnérables.

Pour contribuer à l'amélioration de cette situation, une convention de partenariat a été établi avec le Ministère de Justice afin de faciliter la délivrance de jugements supplétifs aux bénéficiaires des programmes de protection sociale mis en œuvre par le FID. C'est ainsi que près de 5 000 individus, dont 80% étant des bénéficiaires du *Vatsin'Ankohonana*, ont effectué durant la semaine du 12 juin la première phase d'une opération de jugement supplétif à savoir l'examen somatique, dans le district de Mandoto. Ces individus, vont ensuite passer devant un juge lors d'une audience foraine afin qu'une ordonnance avec un numéro de jugement puisse être délivrée, grâce à quoi, un acte de naissance pourra être effectué.

Les programmes de protection sociale, mis en œuvre par le FID, soutiennent le développement de la citoyenneté afin que les plus vulnérables puissent jouir de l'ensemble de leurs droits civils et politiques. Les bénéficiaires sont encouragés à acquérir la carte d'identité nationale et l'acte de naissance pour leurs enfants. Ils sont également sensibilisés au devoir communautaire et à la défense de leurs droits civiques.

**NOMBRE DES ENFANTS DES MENAGES BENEFICIAIRES DISPOSANT DE COPIE D'ACTE DE NAISSSANCE**



**RAKOTONIRINA Volatiana**

*Mpisitraka / Bénéficiaire Mijoro, Transfert Monétaire Urbain Toamasina I, Mangarivotra Sud*

*"Nanampy anay aloha ilay vola e ! Fa ny tena nitondra voka-tsoa teo amin'ny fiainanay dia ireo tantsoroka sy fiofanana azonay tao amin'ny sehatra mahasoa"*

*« L'argent nous a aidé certes, mais ce sont les formations reçues dans les espaces de bien-être qui ont le plus changé notre vie. Grâce aux différents accompagnements, nous avons adopté de nouvelles pratiques »*

Mpanjaitra i Rakotonirina Volatiana taloha. Izy dia renim-pianakaviana, 38 taona, manam-bady, ary manan-janaka roa. Noho ny tsy fahasalaman'ny voa izay nahazo azy dia nijanona tamin'ny zaitra izy. Tena sahirana ara-pivelomana izy ireo satria tsy an'asa ny vadiny noho ny fandalovan'ny valanaretina Covid-19. Ny fahaizany mitantana sy manitatra ny loharanom-bola no nanova ny fiainany ho any amin'ny tsaratsara kokoa.

« Nisitraka fandaharanasa fiahiana mpiara-belona izahay nandritra ireny fandalovan'ny valanaretina Covid-19 ireny. Ary misitraka ny Mijoro ankehitriny. Azo lazaina fa marefo izahay, fa tsy nahasakana anay tsy hivoatra izany», hoy izy.

Araka ny nambarany dia tosika ihany ny vatsy ara-bola. « Nanampy anay aloha ilay vola e ! Fa ny tena nitondra vokatsoa teo amin'ny fiainanay dia ireo tantsoroka sy fiofanana azonay tao amin'ny sehatra mahasoa. Nahatonga fiovam-pihetsika lehibe teo aminay ireo. Mianatra mitsinjara sy mitantana ny vola izahay ao, mianatra mampiroborobo ihany koa izay eo am-pelatanana, eo koa ny resaka fahadiovana sy fidiovana. ».

Noho ireo fanentanana azony dia itady loharanom-bola vaovao izy ary nanitatra izany tsikelikely. Mamokatra ranon-tsavony izy izao. Olon-tsotra, mpanao hotely, ary mpiara-mivavaka no manjifa ny vokatra. Raha ny nambarany dia mitombo hatrany ny tinady. Noho izany dia nanapa-kevitra izy fa hizara ny traikefany sy fahaizany amin'ireo izay liana mba hampitomboana ny tolotra. Mampihatra andavanandro ireo traikefa azony teny amin'ny sehatra mahasoa i Volatiana. Miaina ao anaty fahasalamana ry zareo, mitombo ny fidiram-bola, ary mandeha an-tsekoly ny zaza.

« Tsy misy zavatra tsy tanteraka raha tena vonona ny hivoatra amin'ny fiainana », hoy i Rakotonirina Volatiana.

Rakotonirina Volatiana, 38 ans, mariée et mère de deux enfants, a été auparavant couturière. Suite à un calcul rénal, elle a dû arrêter cette activité. Son mari, lui, a perdu son emploi durant la crise sanitaire de la Covid-19. Les savoirs qu'elle a acquis en matière de gestion de revenus et de développement d'activités génératrices de revenus ont changé leur vie.

« Nous avions bénéficié d'un programme de protection sociale suite à la crise liée à la Covid-19. Actuellement, nous sommes bénéficiaires du programme *Mijoro*. Nous sommes vulnérables mais cette situation ne nous a pas empêché d'évoluer », a-t-elle déclaré.

Selon elle, le transfert monétaire n'est qu'un appui. « L'argent nous a aidé certes, mais ce sont les formations reçues dans les espaces de bien-être qui ont le plus changé notre vie. Grâce aux différents accompagnements, nous avons adopté de nouvelles pratiques. Nous avons appris à gérer nos revenus ainsi qu'à investir et à développer de nouvelles activités économiques. Nous avons aussi été sensibilisé, et adoptons, les bonnes pratiques en matière d'hygiène et d'assainissement. »

Les sensibilisations l'ont encouragée à chercher d'autres activités et à les développer pas à pas. Actuellement, elle produit des liquides vaisselle de façon artisanale. Sa clientèle est composée de particuliers, de gargotiers, et des personnes qui vont dans la même église qu'elle. D'après elle, la demande est en hausse. Face à cette situation, elle a décidé de partager son savoir-faire à ceux qui sont intéressés par l'activité. Ces derniers deviendront ensuite ses associés pour satisfaire les demandes.

Volatiana applique au quotidien les savoir-faire acquis dans les Espaces de Bien-être . Sa famille est en bonne santé, les revenus augmentent, les enfants vont à l'école.

« Si on veut progresser dans la vie, rien n'est impossible quand on a la volonté », a affirmé Rakotonirina Volatiana.

Fanontaniana 3 ho an'i

*3 questions à*

# RAHAJASON Laborde

*Chef de service des opérations et environnement - FID*




## 1 Inona moa ny Azafady babako ?

Ny *Azafady babako* dia fandaharanasa tanterahin'ny FID ao amin'ny fokontany Betsimeda, kaominina Maroalimainty. Tanjona ny hanafoanana ny fampanambadiana zaza tsy ampy taona, izay zary fomba fanao ato amin'ny faritra. Antony manosika ireo ray aman-dreny hanao izany ny fahantrana, eo ihany koa ny fifampitaoman'ny ankizivavy samy mpinamana eny anivon'ny fiarahamonina. Hiadiana amin'izany dia atao latsa-paka ao amin'ny ray aman-drenyindrindra ireo ray izay to-teny ao antokantrano, fa manimba ny zazavavikely ny fanambadiana aloha loatra. Ireo ankizy kosa dia entanina hiaro ny zony ka hitsipaka io fomba fanao io

## Azafady babako, c'est quoi ?

Il s'agit d'un projet pilote de lutte contre le mariage précoce initié dans le cadre de *FIAVOTA* dans le fokontany de Betsimeda, commune de Maroalimainty, dans le district d'Ambovombe. Azafady Babako signifie « excuse-moi mon père ». L'idée est de crier fort l'interdiction du mariage précoce d'un enfant sous l'obligation de ses parents, sous prétexte d'une tradition pratiquée dans cette région. La cause en est la pauvreté et l'influence de l'entourage, notamment des amies. Comme le père de la famille a le dernier mot sur cette pratique, la stratégie se base sur la conscientisation des parents et des enfants. Ils sont sensibilisés sur les dangers que représente le mariage précoce. Les enfants sont incités à revendiquer leurs droits et à oser refuser à leur père, de manière courtoise, le mariage proposé par ce dernier.

## 2 Inona no mampiavaka ity fandaharanasa ity ?

Vaovao sy hafakely ny paikady ampiasaina amin'ity fandaharanasa ity. Voalohany indrindra, raha noraisina ho sakana ho an'ny fandrosoana ny fomba amampanao hatramin'izay dia noraisina ho tombony kosa izy ho an'ity fandaharanasa ity ary natao fototra ho an'ny fiovana maharitra. Izany hoe noraisina ho toy ny fady rehetra ity fomba fanambadiana aloha loatra ity hoan'ny fokontanin'i Betsimeda.

Avy eo dia nentanina sy nofanina ireo mpiantsehatra eny ifotony, ankoatry ny famokarana ireo takela sy hira ho an'ny ady amin'ny fampanambadiana ny zaza tsy ampy taona. Ny fanetsehana ny vondrom-piarahamonina eny ifotony no tena imasoana mba hampahomby ny paikady. Entanina izy ireo handray andraikitra ka ho azo tsapaintànana ny vokatra azo. Ankoatry ny fiadiana amin'ny fampanambadiana ny zaza tsy ampy taona dia mikendry ihany koa ny fampiroboroboana ny zon'ny ankizy ny fandaharanasa.

## Comparé à d'autres programmes de lutte contre le mariage précoce, quelle en est la différence ?

Innovante et révolutionnaire, telles sont les approches de ce projet. D'abord, l'aspect traditionnel a été exploité. Si les pratiques coutumières sont usuellement considérées comme un frein au développement, dans Azafady babako, celles-ci sont prises comme un facteur de changement authentique et durable. Concrètement, la pratique de mariage précoce a été traduite comme un « fady » dans ce fokontany.

Ensuite, les acteurs locaux sont sensibilisés et formés sur la lutte contre le mariage d'enfant, en plus de la production d'affiches et de chants sur le sujet. Le projet mise sur l'adoption d'une approche holistique et systémique basée sur l'engagement communautaire. Il s'agit de mobiliser et de responsabiliser tous les membres de la communauté à s'engager de manière efficace, avec des actions concrètes, adaptatives et acculturées. L'objectif est également de tendre vers la promotion de tous les droits des enfants.

## 3 Ahoana ny fandrosoan'ny fandaharanasa ?

Tsara ny vokatra noho ny fiaraha-miasa amin'ireo KOMIAZA na Komity Miaro ny Zaza. Miisa 300, 90%-ny ray aman-dreny ao amin'ny fokontany Betsimeda, ireo ray aman-dreny mikambana ao amin'ny RAMATEZA na Ray aman-dreny Tea Zanaka. Nifanaiky izy ireo fa handrara ny fampanambadiana zaza tsy ampy taona izay loza ho an'ny fiarahamonina sy ny zanaka amam-para. Io fanapahankevitra io dia nomarihina tamin'ny alalan'ny fomba antsoina hoe Takataka ny 31 martsa lasa teo.
95% ny ankizy kosa (922 isa) no niditra ao amin'ny fikambanana ZATSIMALOLO na ny Izaho tsy Manambady Aloha Loatra. Araka izany, mitaky ny zony amin'ny ray aman-dreniny izy ireo ary mandà ny fanambadiana aloha loatra.

Fantatra fa 41% ny tahan'ny fanambadian'ny zaza tsy ampy taona ho an'i Madagasikara, ny taona 2018. Amin'ny alalan'ny Azafady Babako, ny Haraton'aina dia manampy amin'ny fanenana io tahan'isa io. Tsara ho fantatra fa ny tetikady nasionaly ho an'ny fiadiana amin'ny fampanambadiana ny zaza tsy ampy taona dia mikendry ny hanena io taha io ho 20 % hoan'ny 2024.
Avy ao amin'ny RAMATEZA no nipoiran'ny vondron'ny Ray aman-dreny RAMIKOZA na ny Ray aman-dreny Mikolo Zanaka. Io vondrona io indray dia manosika ireo ray aman-dreny handray andraikitra ka hamerina ireo zanany any an-tsekoly. Mandray anjara amin'ny fananganana ny ivotoerana hiarovana ny ankizy ihany koa izy ireo.
Misy fampiofanana maro zaraina ho an'ny ankizy ZAMIOMALO na Izaho Miomana Alohan'ny Manambady ao amin'io ivotoerana io. Entanina ny ankizy ao anatin'ny fikambanana hiverina any an-tsekoly. Mahazo fiofanana

amin'ny sehatr'asa samihafa koa izy ireo : fambolena, fiompiana, asa-tanana sy tao-zavatra ary fianarana manao sakafo.
Anisan'ny tanjona ijoroan'io sehatra io ny fanomanana ny zazavavy hanana hoavy mamiratra. Mivondrona ao amin'ny ZAMANAVA na Izaho Manana Zavatra vao Manambady ireo ankizy ireo rehefa mahavita fiofanana. Efa zanaka mendrika sy manana ho avy mamiratra ka reharehan'ny Ray aman-dreny ireo ankizy ireo rehefa manana ny asa fidiram-bolany manokana taorian'ny fiofanana azony sy ny fahazahoany mari-pahaizana. Araka ny fivoaran'ny fandaharanasa sy ny fahitàna ny vokatra azo dia maminavina ny hanitatra ny fandaharanasa ny FID. Voakasik'izany ny kaominina ao anatin'ny faritra Androy.
Ny hahatonga ny faritra Androy ho azo alain-tahaka amin'ny fanomezan-danja ny zon'ny ankizy no tanjona.

## Quelle est la situation actuelle et les perspectives ?

Sous l'effet de l'action de KOMIAZA ou « Comité de protection de l'enfant », mis en place par le projet, 90% des parents (soit 300 parents) dans le fokontany de Betsimeda sont inscrits dans le collectif « **RAMATEZA** » signifiant « des parents qui aiment leurs enfants ». Ils se sont engagés à interdire la pratique du mariage d'enfant dans leur communauté. Cette décision historique a été marquée par le rite traditionnel de consécration appelé Takataka le 31 Mars 2023, et ce, pour interdire une pratique néfaste pour la communauté et pour les générations futures. 95% des enfants, soit 922 garçons et filles entre 10 à 20 ans du village ont adhéré dans le club « **ZATSIMALOLO** » qui signifie « je ne me marie pas trop tôt ». Ils revendiquent leurs droits auprès de leurs parents et refusent le mariage précoce.
En 2018, Madagascar affiche un taux de 41% de mariage d'enfant. A travers Azafady Babako, les Filets Sociaux de Sécurité contribuent à réduire ce taux. Il faut savoir que la stratégie nationale de lutte contre le mariage d'enfant (SNLME) vise à réduire ce taux à 20% d'ici 2024.

La communauté poursuit son parcours. Les parents dans le collectif **RAMATEZA** forment l'association **RAMIKOZA** « des parents responsables de la promotion des droits des enfants » dont l'objectif est de responsabiliser les parents à s'investir davantage dans la scolarisation de leurs enfants et de contribuer à la construction d'un centre communautaire de la protection de l'enfant. Ce dernier fourni des formations en life skills et des formations professionnelles aux enfants **ZAMIOMALO** « Je me prépare avant de me marier ». Ils sont incités à revenir à l'école et/ou à suivre une formation professionnelle dans le centre pour ouvrir leurs perspectives aux métiers de l'agriculture, l'élevage, l'artisanat et l'art culinaire. L'objectif est également de leur faire comprendre que la période de l'enfance est faite pour préparer un meilleur avenir. Une fois un diplôme obtenu et une activité génératrice de revenus créée, ils vont passer au club **ZAMANAZAVA** « J'ai quelque chose (diplôme, AGR) avant de me marier ». A ce stade, l'enfant sera la fierté de ses parents et sera un modèle pour les autres enfants dans la communauté.
En se basant sur la réussite de ce projet pilote, le FID ambitionne d'étendre Azafady Babako dans les autres communes et de faire de la région Androy une région vitrine de la lutte contre le mariage d'enfant et de la promotion des droits des enfants.




**Laborde RAHAJASON**
Chef de service des opérations et environnement - FID

**Julia Rachel RAVELOSOA**
Economiste Senior en Protection Sociale - Banque Mondiale

**Mitanto**
Jeune éducateur

## Hita tany ho any

# Mamaritra ny fihavaozana : Ny siansa, ivon'ny fampandrosoana an'i Afrika

### Manova ny fomba fianarana

Miompana amin'ny teknolojia sy ny fahaiza-manao ny fototrin'ny fihavaozana. Toy ny any amin'ny firenen-kafa, anjarantsika ny manatsara ny fomba fianarana mba hanampiana ireo zanantsika hahaleo tena sy hampitombo ny fahalalany amin'ny fahaizana taranja samihafa izay hahafahan'izy ireo ho lasa mpiasa sy mpampiasa mendrika.

Tokony hamaritra ny filana amin'ny ho avy isika ary misaina hatrany ny vokatry ny fahazarana andavan'andro ka mampanjary ireo fahafahana enti-mamorona rohim-pihariana sy asa vaovao.

Eny amin'ny fampianarana ambaratonga ambony, raha zava-dehibe ny fanomana ireo mpianatra ho an'ny tontolon'ny asa sy ny fanomezana azy ireo ireo fitaovana ahafahany miditra amin'ny tsenan'ny sa, dia manan-daja koa ny fisian'ireo manampahaizana hijanona amin'ny sehatry ny fikarohana. Manerana an'i Afrika, ny fiovana ara-kolontsaina dia tokony ho entina hampiroboroboana ny fikarohana siantifika sy ny teknolojia. Ny asa hoe « mpikaroka » no tokony ho lasa mahasarika indrindra.

Eo amin'ny ambaratonga fahatelo, tokony hatsangana ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra tsy miankina na mijery fomba hafa vaovao hamatsiana ny fikarohana amin'ireo sehatra izay laharam-pahamehana. Ny iray amin'ireo filàna lehibe indrindra amin'ny kaontinanta afrikanina dia ny famolavolana fitaovana vaovao ho an'ny famatsiam-bola.

## Vu ailleurs

# Redéfinir l'innovation : la science au cœur du développement de l'Afrique

### Changer notre mode d'apprentissage

Les piliers de notre cadre d'innovation portent sur la technologie et les capacités. Comme ailleurs dans le monde, il nous incombe d'améliorer nos méthodes d'apprentissage afin de rendre nos enfants autonomes et de leur donner la possibilité d'acquérir les compétences pluridisciplinaires qui leur permettront d'être à la fois de bons employés et de bons employeurs.
Nous devons anticiper nos besoins futurs – en ayant conscience de l'incidence que les progrès de l'automatisation auront sur notre quotidien – et investir pour nous assurer que nous disposons des capacités nécessaires pour créer de nouvelles chaînes de valeur et de nouvelles branches d'activités.
Dans l'enseignement supérieur, s'il importe de préparer les étudiants au monde du travail et de leur donner les moyens d'intégrer le marché de l'emploi, il est également essentiel de veiller à ce qu'une partie de nos meilleurs cerveaux reste dans la recherche. Dans toute l'Afrique, il convient d'impulser un changement culturel pour favoriser la recherche scientifique et la technologie. Chercheur doit devenir LE métier le plus prisé.
Dans le troisième cycle, il convient d'établir des partenariats avec le secteur privé ou de trouver d'autres moyens novateurs de financer la recherche dans des domaines prioritaires. L'un des besoins les plus criants du continent africain est d'élaborer de nouveaux instruments de financement.

*Nathalie Munyampenda, directrice générale, Next Einstein Forum, Kigali (Rwanda)*

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

30 taona


Lot III M 39 Ouest Ambohijanahary

(261) 22 361 97

direction.generale@fid.mg

www.fid.mg

FID Madagascar

@fidmadagascar

Fonds d'intervention pour le développement



Ny fandaharan'asa rehetra tanterahin'ny FID dia famatsiam-bola avy amin'ny Fanjakana Malagasy sy avy amin'ny Fikambanana iraisam-pirenena ho an'ny fampandrosoana "Association Internationale pour le Développement" (IDA), ratsamangaikan'ny Banky iraisam-pirenena, misy ihany koa avy amin'ireo mpamatsy vola samihafa. Ny Ministeran'ny mponina, fiahiana ara-tsosialy ary fampivoarana ny vehivavy no mandrindra ny fandaharan'asa fiahiana mpiara-belona.

Les activités mises en oeuvre par le FID sont financées par l'Etat Malagasy et par des crédits ou dons contractés avec l'Association Internationale pour le Développement (IDA), une filiale de la Banque Mondiale ainsi que d'autres partenaires. Les programmes de protection sociale sont coordonnés par le Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme.